

Des visages souriants et des cœurs reconnaissants

Par Carlos A. Godoy
des soixante-dix

Endrika mitsiky sy fo feno fankasitrahana

Nataon'ny Loholona Carlos A. Godoy
Ao amin'ny Fitopololahy

Conférence générale d'octobre 2025

La grandeur de nos saints en Afrique devient encore plus évidente lorsqu'ils font face aux difficultés de la vie et aux exigences d'une Église grandissante.

Il y a un peu plus d'un an, j'ai été relevé de mon appel dans la présidence des soixante-dix, un changement qui a été annoncé ici, lors de la conférence générale. Parce que mon nom a été prononcé peu de temps après celui des Autorités générales émérites, beaucoup ont supposé que ma période de service était également achevée. Après la conférence, j'ai reçu de nombreux messages de gratitude et de bons vœux pour la prochaine étape de ma vie. Certaines personnes m'ont même proposé d'acheter ma maison au nord de Salt Lake. C'était agréable de voir que j'allais manquer à certains et aussi de savoir que nous n'aurons pas de mal à vendre notre maison lorsque mon service prendra fin. Mais je n'en suis pas encore là.

Ma nouvelle affectation nous a conduits, Monica et moi, sur le beau continent africain, où l'Église est florissante. C'est une bénédiction que de servir parmi les saints fidèles de l'interrégion du Sud de l'Afrique et d'être témoin de l'amour du Seigneur pour eux. Il est inspirant de voir des familles intergénérationnelles de tous horizons, notamment de nombreux membres de l'Église prospères et instruits, consacrer leur temps et leurs talents à servir autrui.

En même temps, compte tenu de la démographie de cette région, de nombreuses personnes aux moyens modestes se joignent à l'Église et

Vao maika azo tsapain-tanana ny tanjaky ny Olomasintsika ao Afrika rehefa miatrika ireo fanamby eo amin'ny fiainana sy ny fitakian'ny Fiangonana iray izay mitombo izy ireo.

Herintaona mahery kely izay no nisaorana tamin'ny asa nanendrena ahy tao amin'ny fiadidian'ny kôlejin'ny Fitopololahy aho, izay fiovana nambara teto amin'ity fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany ity. Koa satria novakiana niaraka tamin'ny an'ireo Manampahefana Ambony izay nankasitrahana noho ny asa vitany ny anarako, dia maro ihany koa no nihevitra fa eo am-pamaranana ny fotoam-panompoako aho. Taorian'ny fihaonambe dia naharay hafatra fankasitrahana sy firarian-tsoa maro ho an'ny dingana manaraka eo amin'ny fiainako aho. Ny olona sasany aza nanao karazana tolotra ny hividy ny tranoko ao Salt Lake Avaratra. Nahafaly tokoa ny nahita fa tsy hadino ny tena, sy ny nahafantatra fa tsy hanahirana ny hivarotra ny tranonay rehefa vita izay ataoko. Saingy tsy mbola any aloha aho.

Nitondra anay sy Monica tany amin'ilay Afrika tsara tarehy izay toerana ahitana ny fiangonana ao amin'ny firoboroboany ny fanendrena vaovao azoko. Fitahiana tokoa ny manompo eo anivon'ireo Olomasina mahatoky ao amin'ny faritra atsimon'i Afrika sy mijoro ho vavolombelona ny amin'ny fitiavan'ny Tompo azy ireo. Manahy fanahy ny mahita ireo fianakaviana misy taranaka mifandimby, sy ireo mpikamban'ny fiangonana maro mahomby sy manam-pahalalana, manokana ny fotoanany sy ny talentany mba hanompoana ny hafa.

Etsy andanin'izany, raha jerena ny mponina eo amin'ny faritra, dia olona maro izay kely fidi-ram-bola no miditra ato amin'ny Fiangonana ary

voient leur vie transformée grâce aux bénédictions du paiement fidèle de la dîme, et aux possibilités d'études qu'offre l'Église. Des programmes tels que « Réussir ses études », « EnglishConnect », « BYU-Pathway Worldwide » et le fonds perpétuel d'études sont une bénédiction pour de nombreuses personnes, en particulier la génération montante.

James E. Faust a déclaré un jour : « On dit que notre Église fait peu de convertis parmi les grands de ce monde, mais qu'elle rend grands les gens ordinaires. »

La grandeur de nos saints en Afrique devient encore plus évidente lorsqu'ils font face aux difficultés de la vie et aux exigences d'une Église grandissante. Ils les abordent toujours avec une attitude positive. Ils démontrent bien le célèbre enseignement de Russell M. Nelson :

« La joie que nous ressentons dépend peu de notre situation, mais entièrement de l'orientation de notre vie.

« Lorsqu'elle est centrée sur le plan du salut de Dieu et sur Jésus-Christ [...] et son Évangile, nous pouvons connaître la joie, quoi qu'il arrive, ou n'arrive pas, dans notre vie. »

Ils restent joyeux malgré leurs difficultés. Ils ont appris que notre relation avec le Sauveur nous permet d'aborder les difficultés le visage souriant et le cœur reconnaissant.

Je vais vous raconter certaines de mes expériences avec ces saints fidèles qui illustrent ce principe, en commençant par le Mozambique.

Au Mozambique

Il y a quelques mois, j'ai présidé une conférence pour un pieu organisé il y a à peine un an et qui comptait déjà dix unités. Plus de 2 000 personnes remplissaient la petite église et on avait installé trois tentes à l'extérieur. Le président de pieu a trente et un ans, sa femme en a vingt-six et ils ont deux jeunes enfants. Il dirige sans se plaindre, avec un visage souriant et un cœur reconnaissant, ce pieu en pleine croissance dont les membres rencontrent de nombreuses difficultés.

Lors d'un entretien avec le patriarche, j'ai

manova ny fiainany amin'ny alalan'ny fahatoki-ana amin'ny fandoavana fahafolonkarena sy ireo lalana misokatra ara-panabeazana omen'ny Fiangonana. Ny tetikasa toy ny Succeed in School, EnglishConnect, BYU-Pathway Worldwide, ary ny Perpetual Education Fund dia mitahy fiainana maro, indrindra fa ny an'ireo taranaka vao misondrotra.

Nilaza tamim-pahasahiana ny Filoha James E. Faust hoe: “Voalaza fa ity Fiangonana ity dia tsy voatery hisarika olona efa matanjaka fa matetika kokoa manova ny olon-tsotra ho tonga matanjaka”.

Vao maika azo tsapain-tanana ny tanjaky ny Olomasintsika ao Afrika rehefa miatrika ireo fanamby eo amin'ny fiainana sy ny fitakian'ny Fiangonana iray izay mitombo izy ireo. Miatrika izany mandrakariva ao anatin'ny toe-tsaina miabo izy ireo. Maneho ohatra tsara amin'ilay fampianarana fanta-daza avy amin'ny Filoha Russell M. Nelson izy ireo:

“Tsy misy ifandraisany amin'ny toe-javatra mitranga eo amin'ny fiainantsika ilay fifaliana tsapantsika ary tena mifandray amin'ny fifantohan'ny fiainantsika izany.

“Rehefa ny drafitry ny famonjen' Andriamanitra ... sy i Jesoa Kristy ary ny filazantsarany no fifantohan'ny fiainantsika dia afaka mahatsapa fifaliana isika na inona na inona zava-mitranga—na tsy mitranga—eo amin'ny fiainantsika.”

Mahita fifaliana izy ireo na eo aza ireo olan'izy ireo. Nianatra izy ireo fa ny fifandraisantsika amin'ny Mpamonjy dia mamela antsika hiatrika zava-tsarotra amin'ny endrika mitsiky sy fo feno fankasitrahana.

Mamelà ahy ianareo hizara vitsivitsy amin'ny zavatra niainako niaraka tamin'ireo Olomasina mahatoky izay maneho mazava ity fitsipika ity, ka atomboko amin'i Môzambika izany.

Môzambika

Volana vitsy lasa izay, dia niahy fihaonamben'ny tsatoka iray izay vao niforona herintaona monja ary misy rantsana 10 aho. Vahoaka maherin'ny 2.000 no nameno ilay trano fiangonana kely miampy tany telo navelatra teo ivelany. 31 taona ilay filohan'ny tsatoka, 26 taona kosa ilay vadiny, ary manan-janaka kely roa izy ireo. Mitarika io tsatoka ao anatin'ny fitomboany sy manahirana io izy amin'ny endrika mitsiky sy fo feno fankasitrahana, ary tsy mba mitaraina.

Tamina tafa sy dinika tamin'ny Patriarika no

appris que sa femme était gravement malade et qu'il avait du mal à s'occuper d'elle. Après en avoir parlé avec le président de pieu, nous lui avons donné une bénédiction de la prêtrise. J'ai demandé au patriarche combien de bénédictions patriarcales il donnait en moyenne.

Il a dit : « Huit à dix. »

J'ai demandé : « Par mois ? »

Il m'a répondu : « Par semaine ! » Je lui ai dit qu'il n'était pas sage d'en faire autant par semaine.

Il a dit : « Frère Godoy, les gens continuent de venir chaque semaine, y compris de nouveaux membres et de nombreux jeunes. » Encore une fois, pas de plaintes, seulement un visage souriant et un cœur reconnaissant.

Après la session du samedi soir de la conférence de pieu, alors que je me rendais à l'hôtel, j'ai remarqué que des gens achetaient de la nourriture le long de la route, tard le soir. J'ai demandé à mon chauffeur pourquoi ils achetaient de la nourriture après la tombée de la nuit, plutôt que d'en acheter pendant la journée. Il a répondu qu'ils travaillaient pendant la journée afin d'avoir l'argent nécessaire pour acheter de la nourriture le soir.

J'ai dit : « Oh, ils ont travaillé aujourd'hui pour manger demain. »

Mais il m'a corrigé : « Non, ils ont travaillé pendant la journée pour manger ce soir. » J'avais espéré que nos membres étaient dans une meilleure situation, mais il m'a confirmé que beaucoup d'entre eux rencontraient des difficultés similaires dans cette partie du pays. Le lendemain matin, lors de notre session du dimanche, en ayant pris conscience de leur situation, j'ai été encore davantage ému par leur visage souriant et leur cœur reconnaissant.

En Zambie

En allant à la réunion du dimanche, le président de pieu et moi avons vu un couple marcher le long de la route avec un bébé et deux enfants en bas âge. Nous nous sommes arrêtés pour leur proposer de les emmener. Ils étaient surpris et ravis. Quand j'ai demandé quelle distance ils devaient parcourir à pied pour se rendre à l'église, le père m'a répondu que cela prenait de quarante-cinq minutes à une heure, selon le rythme des

nahalalako fa narary mafy ny vadiny, ary tena sahirana izy amin'ny fikarakarana azy. Taorian'ny firesahana momba ilay olana tamin'ny filohan'ny tsatoka dia nanome azy tsodranon'ny fisoronana izahay. Naka ambavany ilay patriarika aho ny amin'ny salanisan'ny tsodranon'ny patriarika omeny.

“Valo hatramin'ny folo eo”, hoy izy.

“Isam-bolana ve?” Hoy aho nanontany.

“Isan-kerinandro!” Hoy izy namaly. Niteny taminy aho fa tsy fahendrena velively ny fanaovana izany be dia be izany isaky ny faran'ny herinandro.

“Ny Loholona Godoy”, hoy izy, “tonga isan-kerinandro izy ireo, izay ahitana mpikambana vaovao sy tanora maro”. Dia mbola amin'ny endrika mitsiky sy fo feno fankasitrahana ary tsy ahitana taraina ihany koa izany.

Taorian'ny fivoriana Sabotsy harivan'ny fihaonambe teny amin'ny lalako mankany amin'ny hotely dia nahatsikaritra olona mividy sakafo eny amin'ny sisin'ny lalana aho, tratra alina. Nanontany ny mpamiliko aho ny antony anaovan'izy ireo izany amin'ny andro alina toy izay mandritra ny andro. Namaly ahy ilay mpamiliko fa miasa izy ireo mandritra ny andro mba hahazoana ny vola hanaovana izany aorian'izay.

“Andray, miasa izy ireo anio mba hihinana rahampitso”, hoy aho.

Fa nahitsiny aho hoe: “Tsia, miasa izy ireo mandritra ny andro mba hihinana anio alina”. Nanantena aho fa mba miaina toe-javatra tsara kokoa noho izany ny mpikambana ato amintsika, saingy nanamafy izy fa maro ny miatrika fanambany mitovitovy amin'izany ao amin'ilay firenena. Ny ampitso marainan'io, nandritra ny fivorianay ny alahady tao anatin'ny fahafantarana ny toe-javatra niainan'izy ireo, dia vao mainka nahakitika ny foko ny endrik'izy ireo mitsiky sy ny fony feno fankasitrahana.

Zambie

Teny an-dalana hamonjy fivoriana alahady iray dia nahita mpivady nandeha an-tongotra nanaraka ny arabe miaraka amin'ny zaza mena vava sy ankizy kely roa izahay sy ny filohan'ny tsatoka. Nijanona izahay mba hitondra azy ireo. Gaga sady faly izy ireo. Rehefa nanontany ny halaviran'ny lalana andehanan'izy ireo an-tongotra mankany am-piangonana aho dia namaly ilay raim-pianakaviana fa 45 minitra hatramin'ny

enfants. Ils faisaient ce trajet aller-retour, chaque dimanche, sans se plaindre, mais avec un visage souriant et un cœur reconnaissant.

Au Malawi

Un dimanche, avant une conférence de pieu, j'ai rendu visite à deux branches qui tenaient leurs réunions dans des écoles publiques. J'ai été surpris par l'humble état des bâtiments, dans lesquels il manquait même certaines des commodités de base. Lorsque j'y ai rencontré quelques membres, j'étais prêt à m'excuser pour les conditions inadéquates de leur lieu de culte, mais ils étaient heureux d'avoir un endroit près de chez eux pour se rassembler, évitant ainsi de longues heures de marches. Encore une fois, il n'y avait pas de plaintes, seulement des visages souriants et des cœurs reconnaissants.

Au Zimbabwe

Le lendemain du samedi où nous avons eu une réunion de formation des dirigeants, le président de pieu m'a emmené aux réunions dominicales qui se tenaient dans une maison louée. Il y avait 240 personnes présentes. Puis l'évêque a présenté les dix nouveaux membres baptisés cette semaine-là. L'assemblée était répartie dans deux petites salles, avec quelques membres assis à l'extérieur du bâtiment, assistant à la réunion par les fenêtres et les portes. Encore une fois, il n'y avait pas de plaintes, seulement des visages souriants et des cœurs reconnaissants.

Au Lesotho

J'ai visité ce beau petit pays, aussi connu sous le nom de « royaume des montagnes », pour superviser la transition d'un district de l'Église vers le statut de pieu. Après les réunions du samedi, j'ai assisté aux réunions dominicales dans l'une de leurs branches, dans une maison louée. La salle de Sainte-Cène était pleine à craquer et beaucoup de gens se tenaient devant la porte pour participer à la réunion. J'ai dit au président de branche qu'il avait besoin d'une maison plus grande. À ma grande surprise, il m'a informé qu'il ne s'agissait que de la moitié des membres de son unité. L'autre moitié prendrait part à une deux-

ora iray eo, miankina amin'ny hafainganam-pan-dehan'ny ankizy. Manao io dia io mandroso sy miverina izy ireo isan'alahady, tsy mba mitarina—amin'ny endrika mitsiky sy fo feno fankasitrahana.

Malawi

Indray alahady talohan'ny fihaonamben'ny tsatoka iray dia nitsidika sampana roa aho izay mampiasa sekolim-panjakana ho trano fivorianana. Taitra aho tamin'ny fahatsoran'ireo zavatra momba ilay trano izay tsy ampy na dia ny sasantsasany amin'ireo kojakoja fototra aza. Rehefa nihaona tamin'ireo mpikambana vitsivitsy tao aho dia efa vonona ny hiala tsiny noho ireo tsy fahatomombanana eo amin'ny trano fivoriant-dry zareo, saingy faly izy ireo manana toerana akaiky hivorianana, isorohana ny fandehanana an-tongotra lavitra mahazatra. Dia mbola tsy misy taraina ihany koa izany—fa amin'ny endrika mitsiky sy fo feno fankasitrahana.

Zimbabwe

Taorian'ny sabotsy fanofanana ny mpitarika dia nentin'ny filohan'ny tsatoka tany amin'ny fanompoam-pivavahana Alahady tao amina trano nofaina iray aho. Nisy olona 240 nanatrika tao. Avy eo nampahafantatra ireo mpikambana vao vita batisa miisa 10 tamin'iny herinandro iny ny eveka. Niparitaka eran'ny efitrano kely roa ny mpiangona, raha ny mpikambana sasany kosa nipetraka teo ivelan'ny trano nijery ny fivoriana avy eo amin'ny varavarankely sy varavarambe. Dia mbola tsy misy taraina ihany koa izany—fa amin'ny endrika mitsiky sy fo feno fankasitrahana.

Lesotho

Nitsidika ity firenena kely tsara tarehy ity aho, izay antsoina koa hoe “the mountain kingdom,” mba hijery distrikan'ny Fiangonana iray izay eo am-piomanana ny ho lasa tsatoka. Taorian'ny fivoriana sabotsy dia nanatrika ny fanompoam-pivavahana Alahady tao amin'ny iray amin'ireo sampana, tao amina trano nofaina iray aho. Feno hipoka ny efitranon'ny fanasan'ny Tompo, ary nisy olona nanatrika am-pitsanganana teo ivelan'ny varavarana. Nilaza tamin'ilay filohan'ny sampana aho fa mila trano lehibe kokoa izy. Gaga aho raha nilaza tamiko izy fa vao ny antsasaky ny mpikambana ao aminy ireo. Ny

ième réunion de Sainte-Cène après la deuxième heure. Encore une fois, il n’y avait pas de plaintes, seulement des visages souriants et des cœurs reconnaissants.

Je suis retourné au Lesotho plus tard quand un accident de la route mortel a touché plusieurs de nos jeunes, comme l’a déjà mentionné frère Christofferson. Quand j’ai rendu visite aux familles et aux dirigeants, je m’attendais à une atmosphère morose. Au lieu de cela, j’ai rencontré des saints forts et résilients qui faisaient face à la situation d’une manière édifiante et inspirante.

Sur cette photo, Mpho Anicia Nku, 14 ans, qui a survécu à l’accident, illustre bien cela quand elle dit : « Faites confiance à Jésus et tournez-vous toujours vers lui, parce que, grâce à lui, vous trouverez la paix et il vous aidera tout au long du chemin vers la guérison. »

Ce ne sont là que quelques exemples de leur attitude positive, parce qu’ils placent l’Évangile de Jésus-Christ au centre de leur vie. Ils savent où trouver de l’aide et de l’espoir.

Le pouvoir de guérison du Sauveur

Pourquoi le Sauveur peut-il nous secourir, quelles que soient les situations de notre vie ? La réponse à cette question se trouve dans les Écritures :

« Et il ira, subissant des souffrances, et des afflictions, et des tentations de toute espèce. [...]

« Et il prendra sur lui [les] infirmités [de son peuple], afin que ses entrailles soient remplies de miséricorde [...] afin qu’il sache [...] comment secourir son peuple selon ses infirmités. »

Comme frère Bednar l’a enseigné, il n’y a pas de douleur, d’angoisse ou de faiblesse physique que le Sauveur ne connaisse pas. « Dans un moment de faiblesse, vous et moi pouvons nous écrire : ‘Personne ne comprend [ce que je suis en train de vivre]. [...]’ Peut-être, en effet, qu’aucun être humain ne comprend. Mais le Fils de Dieu sait et comprend parfaitement. » Et pourquoi ? Parce qu’il a « ressenti et porté nos fardeaux bien avant nous ».

antsasany iray hafa dia hanatrika ny fivoriana fanasan’ny Tompo faharoa aorian’ny ora faharoa. Dia mbola tsy misy taraina ihany koa izany—fa amin’ny endrika mitsiky sy fo feno fankasitrahana.

Niverina tany Lesotho aho taty aoriana kely noho ny lozam-pifamoivoizana namoizana aina izay nahavao ny maro tamin’ny tanorantsika, izay efa voaresaky ny Loholona D. Todd Christofferson teo. Rehefa namangy ireo fianakaviana sy ireo mpitarika aho dia efa nihevitra ny hamantana tontolo maloka. Tsy izay anefa no nitranga fa nifanojo tamina Olomasina matanjaka sy mahari-pery aho, izay niatrika ilay toe-javatra tamin’ny fomba mankahery sy manentana ny fanahy.

I Mpho Anicia Nku, 14 taona, tafavoaka velona tamin’ity loza, izay hitantsika amin’ity sary ity dia naneho mazava tamin’ny teniny manokana hoe: “Matokia an’i Jesoa ary banjino mandrakariva Izy, satria amin’ny alalany no hahitanao fiadanana, ary hanampy anao amin’ny dingan’ny fahasitranana Izy.”

Ohatra vitsy ihany ireo, izay ahitantsika ny toe-tsaina miabo ananan’izy ireo, noho izy ireo manao ny filazantsaran’i Jesoa Kristy ho ivon’ny fiainany. Fantatr’izy ireo ny hahitana fanampiana sy fanantenana.

Ny hery manasitran’ny Mpamonjy

Nahoana no mahavonjy azy ireo, sy isika, amin’ireo toe-javatra rehetra eo amin’ny fiainantsika ny Mpamonjy? Azo jerena ao amin’ny soratra masina ny valiny.

“Ary handeha Izy, hiaritra fanaintainana sy fahoriana ary fakam-panahy isan-karazany. ...

“... Ary haka ny rofiny ho eo Aminy Izy mba hahatonga ny ao anatin’ny ho feno famindram-po, ... mba hahafantarany ... ny fomba hanampiana ny vahoakany arakaraka ny rofiny”.

Araka ny nampianarin’ny Loholona David A. Bednar dia tsy misy fanaintainan’ny nofo, horohoro, na fahalemena izay iainantsika ka tsy fantatry ny Mpamonjy. Izaho sy ianao rehefa ao anatin’ny fotoanan’ny fahalemena dia mety hitaraina fa hoe: -Tsy mba misy olona mahatakatra [ny zavatra lalovako]. ... - Mety ho marina fa tsy misy olona mahafantatra izany. Saingy ilay Zanakalahin’ Andriamanitra dia mahafantatra sy mahatakatra tanteraka izany”. Nahoana ary? Satria “Izy dia nahatsapa sy nilanja ny enta-mavesatsika talohan’ny nahatsapantsika sy nilanjantsika izany”.

Je conclus en témoignant des paroles du Christ rapportées dans Matthieu 11:

« Venez à moi, vous tous qui êtes fatigués et chargés, et je vous donnerai du repos.

« Prenez mon joug sur vous et recevez mes instructions, car je suis doux et humble de cœur ; et vous trouverez du repos pour vos âmes.

« Car mon joug est doux et mon fardeau léger. »

Tout comme ces saints d'Afrique, je sais que cette promesse est vraie. Elle est vraie là-bas, et elle est vraie partout. J'en témoigne au nom de Jésus-Christ. Amen.

Hamarana amin'ny fijoroana ho vavolombelona ananako momba ireo tenin'i Kristy hita ao amin'ny Matio 11 aho:

“Mankanesa atỳ amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana.

“Ento ny ziofako, ka mianara amiko; fa mamefy fanahy sady tsy miavona am-po Aho; dia hahita fitsaharana ho an'ny fanahinareo ianareo.

“Fa mora ny ziofako, ary maivana ny entako.”

Tahaka ireo Olomasina ao Afrika dia mahafantatra aho fa marina ity fampanantenana ity. Marina izany any, ary marina na aiza na aiza. Izany no ijoroako ho vavolombelona amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena.